# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Aogositra 2018

**11** **Asabotsy** aogositra

**Efa nahafoy Ahy, loharanon'aina, izy ka nihady lavaka famorian-drano ho an'ny tenany, nefa lavaka mitriatriatra tsy mahatan-drano.** Jeremia 2. 13

**Hotahina izay olona matoky an'i Jehovah, dia izay manana an'i Jehovah ho tokiny. Fa ho toy ny hazo ambolena eo amoron-drano izy.** Jeremia 17. 7, 8

**Alonalona mitarehin-drano sa loharano ?**

Ireo izay mpandeha any an-taniefitra dia mahafantatra tsara ny fahitana alonalona mitarehin-drano. Ny mahatonga azy io dia fahazavana mitaratra ao anatin'ny sosona rivotra mahamay eo ambony fasika. Dia ohatra ny mahita rano ny tena, kanefa tsy misy na inona na inona akory eo.

Ny Tenin'Andriamanitra dia matetika mampitaha izao tontolo misy antsika izao amina taniefitra, satria na eo aza ny endrika ivelany — „alonalona mitarehin-drano" ireny —, dia tsy misy, eto amin'izao tontolo izao, na inona na inona, ahafahana mampitony ny hetaheta lalina ao amin'ny olombelona : te ho tiana, te hahazo antoka momba ny dikan'ny fiainana, te hahita fahamarinana, te hahita fahitsiana... ary ambonin'izany rehetra izany, te ho voavela heloka.

Ao amin'i Jesosy Kristy no ananantsika fahazoana antoka, anisan'ireny ny famelana tanteraka ireo fahadisoantsika, satria Izy no nanefa ny tambin'ireny teo amin'ny hazofijaliana. Takatsika fa tia antsika Andriamanitra sady ho tia antsika mandrakizay, ary mizotra mankany aminy isika, izany hoe manana tanjona ! Eo Izy, miaraka amintsika eo amin'ny diantsika, mijery ny toe-javatra rehetra iainantsika. Eny, Andriamanitra no „loharanon'ny rano velona", ho an'izay rehetra manankina ny fiainany aminy.

*Ho any amin'iza moa izahay ? Loharano vaovao mandrakariva*
*Mampitony ny fonay sy mamelona ny finoanay*
*Ny Teninao, ry Tompo, ka fiainana mandrakizay :*
*Faly izahay migoka izany, mivory manodidina Anao.*

*Ho any amin'iza moa izahay ? Ny feonao feno fitiavana sy tony*
*No miteny aminay hoe : Aza matahotra, matokia Ahy !*
*Mampionona ny fonay Ianao, ary mamafa ny ranomasonay :*
*Ho any amin'iza moa izahay, raha tsy ho any aminao ?*